NY FAHATERAHANA INDRAY

www.mitempo-iray.org

Hoy Jesosy : **Jaona 3:3** "Raha tsy ateraka indray ny olona, dia tsy mahazo mahita ny fanjakan'Andriamanitra"

Jaona 3:5 "Raha misy olona tsy ateraky rano sy ny Fanahy, dia tsy mahazo miditra amin'ny fanjakan'Andriamanitra izy"

Ny dingan'ny fahaterahana indray dia :

- varavarana hahazoana miditra sy mahita ny fanjakan'Andriamanitra.
- no hany dingana hahatonga ny olona ho isan'ny ankohonan'Andriamanitra, ka hananany antoka ny amin'ny fiainana mandrakizay.

Nikodemosy, mpitondra fivavahana sy mpampianatra tamin'izany fotoana, dia tsy nahalala ny amin'izany dingan'ny "**fahaterahana indray**" izany, ka nahatonga azy nametra-panontaniana tamin'i Jesosy mihitsy

Jaona 3:9." Nikodemosy namaly ka nanao taminy hoe: Hatao ahoana no hahatonga izany zavatra izany?"

Zava-panahy ny "**fahaterahana indray**", izany no tsy nahatakaran'i Nikodemosy azy, satria ny fampianaram-pivavahana ara-pahalalàna no fantany sy nampianariny.

- ☞ Nahoana no tsy maintsy "hateraka indray" ny olona?
- ☞ Inona no atao hoe fahaterahana indray" ?
- ☞ Ahoana no hahatongavana amin'ny fahaterahana indray ?

I. Nahoana no tsy maintsy hateraka indray ny olona ?

Voalohany indrindra dia ny fanahy maha olona no hateraka indray.

Tafasaraka tamin' Andriamanitra io fanahy io, nanomboka tamin'ny fotoana izay tsy nankatoavan'i Adama sy Eva ny tari-dàlana nomen'Andriamanitra azy ireo, mba hitondrany ny fiainany.

Tsy maintsy mijery izany fiandohan'ny tantara izany isika vao afaka hahalala mazava tsara ny amin'izany "**fahaterahana indray**" izany.

Talohan' ny nahalavo ny zanak'olombelona dia nanana ny tena fiainam-pahasambarana izy ireo, tao amin'ny saha Edena.

Nisy mpialona izany fiainam-pahasambarana izany dia ny devoly, izay niditra tamin'ny alàlan'ny menarana, ka nampiditra hevi-diso tao amin'ny sain'ny zanak'olombelona.

Ny hevi-petsy nampidirin'ny devoly dia ny hitarika ny zanak'olombelona ho latsaka amin'ny **fisalasalana**, ka tsy hanaiky na hankatoa izay lazain'Andriamanitra. Notarihany tsy hino izay lazain'Andriamanitra izy ireo.

Teo anatrehan'ny fitaka lehibe izay nampidirin'ny devoly tao an-tsain'ny zanak'olombelona dia tena tafalatsaka tao anatin'ny fisalasalana tokoa izy ireo. Hevi-diso, toa marina sy tsara harahina, nefa feno fitaka no natolotry ny devoly. Ary dia niroboka, latsaka tamin'izany ny zanak'olombelona.

Genesisy 3:6."Ary hitan-dravehivavy fa tsara ho fihinana ny hazo sady mahafinaritra ny maso ary hazo mahatsiriritra hampahahendry, dia nanotazany ny voany ka nihinanany; ary nomeny koa ny vadiny, ka dia nihinana izy."

Vokany :

- Very ilay fiainam-pahasambarana, ka nanomboka *niaina tamin'ny tahotra* izy ireo.
- Very koa ilay fiadanana.
- *Tonga koa ny fahoriana sy ny zava-dratsy* isan-karazany.

- Nanomboka hatreo ihany koa dia nantsoina hoe "**mpanota**" ny zanak'olombelona, satria **tsy nino ary tsy nankato intsony ny Tenin'Andriamanitra**. **Tafasaraka tanteraka tamin'Andriamanitra izy. Maty ara-panahy**. Voafitaka tanteraka.
- Nihatra tamin'izy ireo ny ozona izay nolazain'Andriamanitra tao amin'ny **Genesisy 2:17** fa: " fa ny hazo fahalalana ny tsara sy ny ratsy dia aza ihinanana;fa amin'ny andro izay hihinanao azy dia ho faty tokoa hianao".

Mizotra mankany amin'ny làlan'ny fahaverezana mandrakizay.

Vahaolana :

Noho izany ny "Fahaterahana indray" no dingana afaka mamerina indray ny olona, ho amin'izany fanekena sy fankatoavana an'Andriamanitra izany.

II.- Inona no atao hoe “fahaterahana indray” ?

Hoy Jesosy : “*tsy maintsy hateraka indray ny olona*” **Jaona 3:3, 5**.

Araka ny voalaza tery aloha dia zava-panahy ny “fahaterahana indray”. Tena zava-panahy ary asa mahagaga lehibe izay nataon’Andriamanitra hanovàna ny olona iray ary hiankinan’ny hoaviny manontolo ny **Jaona 3:3,5**.

Ny atao hoe "**fahaterahana indray**" dia **fiovan’ny toe-panahy maha olona**, izay feno fanandavana sy tsy fankatoavana an’Andriamanitra teo aloha, **ka manapa-kevitra ny hiverina ho amin’ny hankatoavana feno tsy misy fepetra indray, izay ambaran' Andriamanitra, amin’ny alalan’ny Soratra Masina", hitondra ny fiainana ho avy rehetra**.

Jaona 3:3,5 io no varavarana hahitàna sy hidirana indray ao amin’ny fanjakan’Andriamanitra, ka hahatonga ny olona ho zanak’Andriamanitra.

III. Ahoana no hahatongavana amin'ny "fahaterahana indray"?

1.- Inona no dingana tsy maintsy atao?

Araka ny efa voalaza teo dia zava-panahy ny fahaterahana indray. Koa ilay fanahy maha olona “*esprit*” mihitsy no tsy maintsy miova ho olom-baovao.

Mila manao safidy sy fanapahan-kevitra anaty sy ivelany, izay matotra tsara, hiverina hino sy hankatoa izay lazain’ny Tenin’Andriamanitra, ary miala amin’ny toerana sy ny fomba fanao ratsy rehetra teo aloha.

- Misy hetsika tsy maintsy tokony atao ny amin’izany Romana 10:9-10 “satria raha manaiky an’i Jesosy ho tompo amin’ny vavanao hianao ary mino amin’ny fonao fa Andriamanitra efa nanangana Azy tamin’ny maty, dia hovonjena hianao.”

- Fanapahan-kevitra hentitra, toy ny nataon’ilay zanaka adala, niverina teo amin-drainy, araka izay voalaza ao amin’ny Lioka 15:20 “ Dia niainga izy ka nankany amin-drainy. Fa raha mbola lavitra izy, dia tazan-drainy, ary onena azy izy ka nihazakazaka, dia namihina ny vozony sady nanoroka azy.”

- Fifindram-piainana, niala tamin’ny fanao teo aloha, mankany amin’ny fiainam-baovao ao amin’i Kristy.

2 Korintiana 5:17 "Koa raha misy olona ao amin'I Kristy, dia olom-baovao izy; efa lasa ny zavatra taloha, indreo, efa tonga vaovao ireo."

- Ny fiaiken-keloka sy ny fibebahana no dingana tsy maintsy atao amin'izany.

Asan'ny Apostoly 2:38 "Ary hoy Petera taminy: Mibebaha, ary aoka samy hatao batisa amin'ny anaran'i jesosy Kristy hianareo rehetra mba hahazo famelana ny helokareo; ary hianareo handray ny fanomezana, dia ny Fanahy Masina"

1 Jaona 1:9 " mandray ny anton'ny finoanareo, dia ny famonjena ny fanahy."

Fanovàna lalina hataon'Andriamanitra eo amin'ny fiainan'ny olona, vonona ny hiova tanteraka .

Io **fiverenana indray** hino sy hankatoa ny Teny na ny Soratra Masina io, no atao hoe "**Fibebahana**" **Isaia 1:27** "Ziona havotana amin'ny fitsarana, ary izay efa mibebaka ao dia havotana amin'ny fahamarinana."

Ny **fibebahana** dia

- Fanenenana latsaka lalina ny amin'ny ratsy rehetra izay natao.
- Fanekena fa diso ny làlana teo aloha.
- Mifona noho izany faharatsiana sy ny toetra rehetra tsy nety, izay natao. Manapa-kevitra ny hiala sy hahafoy izany tanteraka

Isaia 55:6-7 "Mitadiava an' i Jehovah, dieny mbola hita Izy, Miantsoa Azy, dieny mbola akaiky Izy. Aoka ny ratsy fanahy hahafoy ny làlany, Ary ny tsy marina hahafoy ny heviny; Ary aoka hiverina ho amin' i Jehovah ireny, Fa hamindra fo aminy Izy, Eny, ho amin' Andriamanitsika, Fa hamela heloka dia hamela heloka tokoa Izy.".

- Mangataka famelàna amin'Andriamanitra sy fanadiovana amin'Ilay Ràn' i Jesosy Kristy, izay ihany afaka manadio tanteraka ny lasa rehetra

1 Jaona 1:7,9 "Fa raha mandeha eo amin' ny mazava isika, tahaka Azy eo amin' ny mazava, dia manana firaisana isika, ary ny ran' i Jesosy Zanany no manadio antsika ho afaka amin' ny ota rehetra. (...) Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin' ny tsi-fahamarinana rehetra."

Ny hany làlan-tokana handraisana ny Famonjena :

- Mino sy manaiky ny asam-pamonjena vitan'i Jesosy teo amin'ny hazofijaliana,.
- Manaiky an'i Jesosy ho Tompo sy Mpamonjy, amin'ny vava ary mampandroso AZY hiditra ao am-po

Romana 10:9,10 "satria raha manaiky an' i Jesosy ho Tompo amin' ny vavanao hianao ary mino amin' ny fonao fa Andriamanitra efa nanangana Azy tamin' ny maty, dia hovonjena hianao. Fa amin' ny fo no inoana hahazoana fahamarinana, ary amin' ny vava no anekena hahazoana famonjena."

Apokalypsy 3:20 "Indro, efa mitsangana eo am-baravarana Aho ka mandondòna; raha misy mihaino ny feoko ka mamoha ny varavarana, dia hiditra ao aminy Aho ka hiara-misakafo aminy, ary izy amiko."

Fanapahan-kevitra hentitra no tsy maintsy hatao. Tsy fombafomba hivelany, fa tena fanapahan-kevitra anaty ny hiala amin'ny toetra ratsy rehetra teo aloha.

2.- Inona kosa no miseho aorian'ny fanapahan-kevitra raisin'ny olona ?

Raha tena matotra sy marina tsara ny fibebahana dia

- tsy maintsy mitondra fiovàna maherivaika eo amin'ny fiainan'ilay olona izany.
- Mandray ny Fanahy Masina izy.
- Tafiditra ao- am-pony Jesosy

Asan'ny Apostoly 2:38 "Ary hoy Petera taminy: Mibebaha, ary aoka samy hatao batisa amin' ny anaran' i Jesosy Kristy hianareo rehetra mba hahazo famelana ny helokareo; ary hianareo handray ny fanomezana, dia ny Fanahy Masina."

Ny fiadanam-po no marika voalohany apetraky ny Fanahy Masina ao am-pon'ny olona tena nibebaka marina.

☞ Io no marika fa manana ny fiainana mandrakizay ilay olona

Jaona 3:36 "Izay mino ny Zanaka manana fiainana mandrakizay; fa izay tsy mino ny Zanaka dia tsy hahita fiainana, fa ny fahatezeran' Andriamanitra no mitoetra eo aminy."

☞ Io ihany koa no tombokase fa nandray ny famonjena ilay olona

Jaona 14:27 "Fiadanana no avelako ho anareo, ny fiadanako no omeko anareo; tsy tahaka ny fanomen' izao tontolo izao no fanomeko anareo. Aza malahelo na matahotra ny fonareo."

2 Korintiana 5:17 "Koa raha misy olona ao amin' i Kristy, dia olom-baovao izy; efa lasa ny zavatra taloha, indreo, efa tonga vaovao ireo."

☞ Jesosy tafiditra ao am-pon'ny olona, amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina, no mitondra azy amin'ny fiainam-pankatoavana ny Tenin'Andriamanitra.

Ezekiela 36 :27 "Ary ny Fanahiko no hataoko ao anatinareo, ka hahatonga anareo handeha araka ny lalàko sy hitandrina ny fitsipiko ka hanaraka azy."

Tsy fombafomba ivelany io fa tena fiainana, dia ny fiainan'i Jesosy (ny Fahany Masina) no miditra manarona ny fanahy maha olona, ary dia tonga manana firaisam-panahy amin' Andriamanitra (Jesosy) ilay olona.

Izay vao atao hoe "**voavonjy ilay olona**". **Tena fahatsapana hivelomana isan'andro izany.**

3.- Inona no famantarana fa "nateraka indray" ny olona ?

Ny olona nateraka indray dia **tsy maintsy manana faniriana fatratra hamaky (hihinana) ny Tenin'Andriamanitra na ny Baiboly, mba hivelomany ara-panahy sy hamelombelona ny fiainany manontolo**

Ohabolana 4:22 "Fa aina ho an' ny mahazo azy izy Ary fahasalamana ho an' ny nofony rehetra."

Apokalypsy 3:20 "Indro, efa mitsangana eo am-baravarana Aho ka mandondòna; raha misy mihaino ny feoko ka mamoha ny varavarana, dia hiditra ao aminy Aho ka hiara-misakafo aminy, ary izy amiko."

Io fiombonam-piainana na fiombonam-panahy amin'i Kristy Jesosy io no maha kristiana ny olona

Romana 8:9 "Fa hianareo tsy ao amin' ny nofo, fa ao amin' ny Fanahy, raha ny Fanahin' Andriamanitra no mitoetra ao anatinareo. Fa raha misy kosa tsy manana ny Fanahin' i Kristy, dia tsy Azy izy."

Kolosiana 1:27 "izay efa tian' Andriamanitra ho nampahafantarina ny haren' ny voninahitr' ity zava-niafina ity any amin' ny jentilisa, dia Kristy ao anatinareo, Izay fanantenana ny voninahitra;"

2 Korintiana 13:5 "Diniho ny tenanareo, na mitoetra amin' ny finoana hianareo, na tsia; izahao toetra ny tenanareo. Moa tsy fantatrareo va ny amin' ny tenanareo, fa ao anatinareo Jesosy Kristy, raha tsy olona nolavina hianareo?"

Tsy mpanara-dia an'i Jesosy ny tena mpino kristiana, fa mpiombon'aina Aminy.

Jaona 14:17 "dia ny Fanahin' ny fahamarinana, Izay tsy azon' izao tontolo izao horaisina, satria tsy hitany na fantany; fa hianareo no mahafantatra Azy, satria mitoetra eo aminareo Izy, ary ho ao anatinareo."

Kolosiana 1:27 "izay efa tian' Andriamanitra ho nampahafantarina ny haren' ny voninahitr' ity zava-niafina ity any amin' ny jentilisa, dia Kristy ao anatinareo, Izay fanantenana ny voninahitra;"

2 Korintiana 13:5 "Diniho ny tenanareo, na mitoetra amin' ny finoana hianareo, na tsia; izahao toetra ny tenanareo. Moa tsy fantatrareo va ny amin' ny tenanareo, fa ao anatinareo Jesosy Kristy, raha tsy olona nolavina hianareo?"

Ny fiovàna haterak' izany fidiran'i Jesosy ao amin'ny fiainan'ny olona izany, no mitondra azy ho amin'ny "fahaterahana indray". Manova ilay olona teo aloha ho tonga olona manana fomba fiainana vaovao.

2 Korintiana 5:17 "Koa raha misy olona ao amin' i Kristy, dia olom-baovao izy; efa lasa ny zavatra taloha, indreo, efa tonga vaovao ireo."

Galatiana 2:20 "Voahombo miaraka amin' i Kristy amin' ny hazo fijaliana aho, ary tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko; fa izay ivelomako ankehitriny eo amin' ny nofo dia ivelomako amin' ny finoana ny Zanak' Andriamanitra, Izay efa tia ahy ka nanolotra ny tenany hamonjy ahy."

Ataovy azo antoka tsara io "dingan'ny fahaterahana indray io", fa tena hiankinan'ny hoavinao ara-panahy ka hirosoanao ho amin'ny dingana manaraka rehetra.

Ny Tompo Jesosy anie hanampy sy hitari-dàlana anao amin'izany.

Mpiandraikitra : Jonhs RAMAHERISON
00 261 (0)34 03 175 85
herinezi@mitempo-iray.org